



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitava - Tanindrazana - Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2024

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-287 EX

FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY VOLAVOLAM-PANDAHARAM-
POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, MANOMBOKA NY ALATSINAINY 29 JANOARY
2024 KA HATRAMIN'NY ZOMA 9 FEBROARY 2024

Fivoriana faha-2
Natao ny
Talata 30 janoary 2024
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina

MPITANTSORATRA: Ramatoa isany: - RAFENOMANANTSOA Tsimaharo Ny Aina
- ANGELE Solange

FOTOANA: Talata 30 Janoary 2024, tamin'ny 3 ora sy 15 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena, manomboka ny Alatsinainy 29 Janoary 2024 ka hatramin'ny Zoma 9 Febroary 2024.

Nitohy ny Talata 30 Janoary 2024, tamin'ny 3 ora sy 15 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Mpitarika ny fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsimaharo Ny Aina, Mpampakateny Jeneraly Lefitra.

Rehefa izany, nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra tamin'ny fanatontosany ny fiantsoana anarana, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ny tenany ary niangavy ny Mpitantsoratra mba hamaky ny famintinana ny fivoriana nataon'ny "Conférence des Présidents".

Mbola Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsimaharo Ny Aina hatrany no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny:

**FAMINTINANA NY FIVORIANA NATAON'NY "CONFERENCE DES PRESIDENTS"
NY TALATA FAHA-30 JANOARY**

Nivory ny Talata faha-30 Janoary 2024 nanomboka tamin'ny 11 ora, atoandro, ny «Conférence des Présidents».

Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina, Filohan'ny Antenimierampirenena Mpisolo toerana no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny «Conférence des Présidents» sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany (cf fiche de présence).

Fiarahabana ireo mpivory rehetra tonga nanatrika fivoriana no nanombohan'Andriamatoa Filoha mpitarika ny fitenenana.

Talohan'ny nanombohana ny lahadinika, nitondra ny teny fialantsinin'ny Filohan'ny Antenimierampirenena, RAZANAMAHASOA Christine, izy noho ny famitany iraka any ivelany ka tsy maha eto an-toerana azy.

Novakiana avy eo ny Volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivoriant'izy ireo ny Talata faha-30 Janoary 2024 tamin'ny 10 ora, maraina.

Taorian'izay dia niroso avy hatrany tamin'ny adihevitra ny mpivory.

Nolanian'ny "Conférence des Présidents" avy eo ny Volavolam-pandaharam-potoana manomboka ny Alatsinainy faha-29 Janoary 2024 ka hatramin'ny Zoma faha-9 Febroary 2024 ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe ny Talata faha-30 Janoary 2024 amin'ny 3 ora, tolak'andro, handraisana fanapahan-kevitra farany.

(Jereo ny tovana)

ORDRE DU JOUR

Pour la période du **Lundi 29 janvier 2024 au Vendredi 09 Février 2024**

LUNDI 29 JANVIER 2024

11H 00: Ouverture de la première session extraordinaire 2024 au Palais Tsimbazaza-(Salle des Séances)

MARDI 30 JANVIER 2024

10H 00: Réunion des membres du Bureau Permanent- (Salle BP)

11H 00: Conférence des Présidents- (Salle BP)

**15H 00: SEANCE PLENIERE- (Salle des Séances)
Adoption de l'Ordre du jour**

MERCREDI 31 JANVIER 2024

09H 00 et 15H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS

Commission Juridique (Saisie au fond) – (Salle BP)

-Projet de loi n°002/2024 du 24 janvier modifiant et complétant certaines dispositions du Code Pénal Malagasy.

Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation (Saisie au fond)

Commission des Finances et du Budget (Saisie pour avis)

Commission de l'Economie et de la Planification (Saisie pour avis)

Commission de la Communication, Information et des Relations avec les Institutions et des Relations avec les Institutions (Saisie pour avis)

**Commission de la Culture, du Patrimoine et de la Promotion Artistique -(Saisie pour avis) -
(Salle des Séances)**

- Projet de loi n°001/2024 du Janvier 2024 modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2014-020 du 27 septembre 2014 relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections, ainsi qu'à l'organisation au fonctionnement et aux attributions de leurs organes, modifiée et complétée par la loi n°2018-011 du 11 juillet 2018 et par la loi n°2021-010 du 05 août 2021.

JEUDI 01 FEVRIER 2024

A partir de 10H 00: SEANCE PENIERE (Salle des Séances)

PRESENTATION PAR LE PREMIER MINISTRE, CHEF DU GOUVERNEMENT, DE SON PROGRAMME DE MISE EN ŒUVRE DE LA POLITIQUE GENERALE DE L'ETAT, conformément à l'article 99 de la Constitution.

VENDREDI 02 FEFRIER 2024

SEANCES PLENIERES (Salle des Séances)

10H 00: - Projet de loi n°002/2024 du 24 Janvier 2024 modifiant et complétant certaines dispositions du Code Pénal Malagasy.

15H 00: - Projet de loi n°001/2024 du 24 Janvier 2024 modifiant et complétant certaine dispositions de la Loi n°2014-020 du 27 septembre 2014 relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections, ainsi qu'à l'organisation au fonctionnement et aux attributions de leurs organes, modifiée et complétée par la loi n°2018-011 du 11 Juillet 2018 et par la loi n°2021-010 du 05 août 2021.

JEUDI 08 FEVRIER 2024

09H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS (Salle BP)

Examen en 2^{ème} lecture de ces deux Projets de lois (Eventuellement)

15H 00: **SEANCES PLENIERES (Salle des Séances)**

Examen en 2^{ème} lecture de ces deux Projets de lois (Eventuellement)

VENDREDI 09 FEVRIER 2024

11H 00: CLOTURE DE LA PREMIERE SESSION EXTRAORDINAIRE 2024 DE L'ASSEMBLEE NATIONALE (Salle des Séances)

MEMBRES DU BUREAU PERMANENT

N° d'ordre	NOMS ET PRENOMS	FONCTION
1	RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina	Vice-Président
2	RAZAFITSIANDRAOFA Jean Brunelle	Vice-Président
3	HENRI Jean Michel	Premier Questeur
4	RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera	Deuxième Questeur
5	RABENIRINA Maminiaina	Troisième Questeur
6	ANGELE Solange	Rapporteur Général
7	RAFENOMANANTSOA Tsimaharo Ny Aina	Rapporteur Général Adjoint

PRESIDENTS DES COMMISSIONS

N° d'ordre	COMMISSIONS PERMANENTES	NOMS ET PRENOMS	ENTITE
01	Commission des Ressources Stratégiques	RAVONTY Tam Téon Luc Urbain	IRD
02	Commission des Finances et du Budget	ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy	IRD
03	Commission de l'Economie et de la Planification	ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy	TIM
04	Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation	RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa	IRD
05	Commission de Transport et de la Météorologie	RAJOELINA Andriamharimanana Seth	IRD
06	Commission de l'Aménagement du Territoire et de la Gestion Foncière	RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime	IRD
07	Commission du Commerce et de la Consommation	ASSIMO Bruno	IRD
08	Commission des Ressources Halieutiques et de la Pêche	BAOFENO Micheline	IRD
09	Commission de la mise en accusation devant la HCJ	TSABOTOKAY Honoré	IRD
10	Commission de la Fonction Publique	FIAROVANA Lovanirina Céléstin	IRD

PRESIDENTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES

N°d'ordre	GROUPE PARLEMENTAIRE	NOMS ET PRENOMS
1	TIM	RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimalona
2	IRD	VELONTSARA Paul Bert

Représentants du Gouvernement:

- | | |
|-------------------------------|-----------------------------|
| 1- RAKOTO Elie Clément | SGAG |
| 2- RAMINOSOA Arozoa | DLC - Primature |
| 3- ANITTA Léonce | Chef de Service - Primature |

Taorian'izay, nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoatra tamin'ny famakiany ny famintinana ny fivoriana nataon'ny "Conférence des Présidents", Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

Rehefa izany, nambarany fa hiditra avy hatrany amin'ny adihevitra ankapobeny mikasika ny volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory ary niangavy izay handray fitenenana mba hanangan-tàna.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Céléstin, nanambara ny tenany fa banga ny pejy faha-4 izay nanaovany sonia tany amin'ny fivoriana. Sao mba ny famintinana eny aminy no tsy ampy sa mety ho tahaka izay daholo ve ny eny am-pelan-tànan'ny Solombavambahoaka.

Namaly, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hojerena ny mikasika izany ary hahitsy arak'izay ny pejy faha-4 izay banga.

Nomarihin'Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré kosa, fa tokony ho hita tao amin'ny Famintinana ny Diniky ny Filoha ny anarany amin'ny maha Filohan'ny Kaomisiona mikasika ny HCJ azy. Noho izany, tsy nanao sonia ny tenany satria tsy voasoratra tao ny anarany kanefa nivory tao mihitsy izy.

Namaly, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa tokony hapetraky ny teknisiana ao ny anaran'Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré.

Raha nomena fitenenana kosa ny Andriamatoa RAKOTO Elie Clément, solotenan'ny Governemanta, fangatahana fanamarinana no nataony momba ny fitanana an-tsoratara mikasika ny fivoriana tamin'ny maraina, raha ny asam-baomiera hatao ny Alarobia 31 Janoary 2024 ireo, amin'ny 9 ora, maraina ka hatramin'ny 3 ora, tolak'andro, ve no izy sa amin'ny 9 ora, maraina sy amin'ny 3 ora, tolak'andro.

Nanamarika, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa amin'ny 9 ora, maraina sy amin'ny 3 ora, tolak'andro no marina. Raha vita maraina ny asam-baomiera dia mety tsy hisy ny tolak'andro; raha tsy vita kosa, mazava hoa azy fa mitohy ny tolak'andro izany.

Fanontaniana no napetrak'Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert, satria misy taratasy voarainy kanefa amin'ny anaran'ny Vaomieran'ny Lalàna mikasika ireo gadra efa tokony hivoaka saingy iverenana samborina indray. Ahoana ny momba izay. Iza no tokony handefasana azy satria lasa any aminy izay taratasy izay kanefa tsy andraikiny.

Rehefa izany, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa Andriamatoa IDEALSON no Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna ary Ramatoa RAHERIJAONA Regina Clarisse no Lefiny, ka tokony homena azy ireo izay dia ifampidinihana eo.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-pandaharam-potoana ny mpivory.

Nomarihany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 54 no nandany izany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena, manomboka ny Alatsinainy 29 Janoary 2024 ka hatramin'ny Zoma 9 Febroary 2024.

Talohan'ny iatohan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Mpitarika fivoriana. Nambaran'ny fa hisy ny asam-baomiera hatao rahampitso Alarobia 31 Janoary 2024 amin'ny 9 ora, maraina sy amin'ny 3 ora, tolak'andro, ka ny Vaomieran'ny Lalàna dia handinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-002/2024 tamin'ny 24 Janoary 2024, "modifiant et complétant certaines dispositions du Code Pénal Malagasy, ao amin'ny "Salle BP" no hanaovana izany.

Ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana, ny Vaomieran'ny Serasera, ny Fampahalalam-baovao ary ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana ary ny Vaomieran'ny Kolotsaina, ny Vakoka ary ny Fampiroboroboana ny Zavakanto, handinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-001/2024 tamin'ny 24 Janoary 2024 "modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°201-020 du 27 septembre 2014 relative aux ressources des CTD, aux modalités d'élections, ainsi qu'à l'organisation et aux attributions de leurs organes, modifiée et complété par la loi n°2018-011 du 11 juillet 2018 et par la loi n°2021-010 du 05 août 2021".

Nanentana ny Solombavambahoaka voakasik'ireo ny tenany mba handray anjara mavitrika amin'ny asam-baomiera.

Niato tamin'ny 3 ora sy 35 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.


 RAZANAMAHASOA Christine Harijaona